



# NY ANGANO

| Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho : | Ary manana **ireto fahaiza-manao ireto** : |
|---|---|
| - singa manavaka ny angano : fanombohana, fiafarana,<br>- toetra, vontoatiny. | - misintona lesona avy amin'ilay angano<br>- maneho andalan-tsoratra mahatakatra ny hevitra ampitain'ny angano. |

**Aorian'ny lesona dia afaka** maneho andalan-tsoratra mahatakatra ny hevitra ampitain'ny angano aho.





## SAHANASA 1 : MAMAKY TENY AHO

- mamaky ny angano ahitana mpandray anjara efatra aho
- manaja ny lantom-peo sy ny mari-piatoana aho
- manaraka ny fientanam-peo ao amin'ny resaka ifanaovan'ireo biby telo
- dinihiko mangina ny foto-dresaka sy lesona ampitaina ao

## SAHANASA 2 : MITENY / MANORATRA AHO

- iza avy ireo mpandray anjara fototra ao amin'io angano io ?
- avahako ireo singa mampiavaka ny angano eo amin'ny fitantarana azy, eo amin'ny mpandray anjara (olona sa biby), eo amin'ny vontoatin'ny tantara - **inona avy izany ?**
- inona no foto-dresaka sy ny vontoatin'ilay angano ?
- fampahatsiahivana ny antsoina hoe foto-dresaka (Foto-dresaka : hevitra iorenan'ny tantara manontolo)
- karohiko ireo antony hanamarinana ny maha angano ny angano –
- inona no ilana ny angano ?**- inona no ifandraisan'ny angano amin'ny fanabeazana ny ankizy indrindra indrindra ?**
- tantaraiko am-bava araka ny fahazoako azy ilay angano vao novakiko teo
- inona ny lesona na anatra ampitain'ilay angano ? **nahoana no tsy maintsy misy ny anatra na ny lesona tsoahina avy ao amin'ny angano ?**
- raisiko ireo voambolana fampiasa amin'ny angano dia ampiasaiko anaty fehezanteny
- raisiko anaty kahie ny asa vita rehetra



## SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

- lazaiko ny endrika isehoan'ny hakamoana eo amin'ny fiainana andavanandro, sy ny vokatra aterany.
- ovako ny fiafaran'ilay angano araka izay itiavako azy ary soratako anaty fehezanteny izany ary tantaraiko amin'ny namako

**SAHANASA 4 : MAHAY AHO VE ?**

- Vakiko imbetsaka ilay lahatsoratra hoe Izy mianadahy razantsika
- dinihiko tsara ilay angano, dia valiako ny fanontaniana :
- iza avy ireo mpandray anjara ao amin'io angano io ?
- inona no foto-dresaka ao ?
- nahoana no homena hasina ny Vazimba ?

## IZY MIANADAHY RAZANTSIKA

Tany anaty rano, hono, no fitoeran'izany Rasoalavavolo izany, ka ny hatsarantarehiny sy ny halavan'ny volon-dohany no nanomezana azy io anarana io. Ny sasany nanao azy ho Vazimba, fa ny sasany kosa milaza azy ho andrian-dresy.

Koa indray mandeha, dia namangy azy izany Rasoavolovoloina izany hangata-jaza taminy, ka nanatitra masom-bola roa. Dia nomen-dRasoalavavolo vatokilonjy roa kosa izy, ka tonga zaza mianadahy ireo.

Nony efa lehibebe ireo zaza ireo, dia lasa namangy an-dRasoalavavolo tany anaty rano ka nanatitra voahangy iray sampily ho azy ; nefa sendra natory izy no tonga izy mianadahy ka tsy tafahaona taminy.

Ary nony ampitso dia lasa namangy azy indray izy mianadahy ka noraisiny avokoa ny zavatra nentiny. Dia notsofiny rano izy mianadahy, ka izy ireo, hono, no nahatonga ny Malagasy mandraka ankehitriny, hanome hasina ny Vazimba, ka hanatitra fanatitra, na hanao sorona eny amin'ny fasana, na farihy, na renirano heverina ho fonenan'izy ireo.

1- Lazao avy ireo mpandray anjara amin'io angano io
2- Inona no tena foto-dresaka hita ao anatin'io angano io ?
3- Araka io angano io, nahoana àry no homena hasina ny Vazimba ?






Angano, angano, arira, arira, izaho mpitantara ianareo mpihaino.
Tandremo rankizy! Tsarovy fa ny hakamoana dia tsy misy vokatsoa no tsy ahazoana tombotsoa.